**A Lesona avy amin'ny faharavan'i Jerosalema:**

- ❖ **Fandavana ny fitiavan'Andriamanitra.**
  - — Nitomany i Jesosy raha nanatona an'i Jerosalema (Lioka 19:41–44). Fantany fa hizaka ny vokatry ny fandavan'izy ireo ny antson'Andriamanitra feno fitiavana izy ireo (Mat. 23:37).
  - — Nitomany izy satria azo sorohina ny loza. Satria tia antsika loatra Andriamanitra ka tsy tiany hisy ho faty isika, fa mba hahazo fiainana mandrakizay ny olona rehetra (Jao. 5:39-40; Ezek. 18:31-32).
  - — Ny tantara dia milaza fa nikomy tamin'ny fanararaotana nataon'ny Romana ny Jiosy tamin'ny taona 66. Niady an-trano ireo karazana antoko Jiosy, raha nanao fahirano ny tanàna ny Romana. Tamin'ny taona 70 no nifarana ny zava-drehetra. Noravan'i Titosy i Jerosalema sy ny Tempoly. Jiosy iray tapitrisa no maty.
  - — Tsy resahin'ny tantara anefa ny fomba namporisihan'i Satana ny Jiosy hikomy sy ny Romana mba hamaly faty. Ny faharavan'i Jerosalema dia asan'ny devoly mivantana. Tamin'ny niodinany tamin'ny loharanon'aina, dia teo am-pelatanan'ny fahavalo izay tsy mitady afa-tsy fandringanana sy fahafatesana ny Israely.
- ❖ **Miahy ny olony Andriamanitra.**
  - — Noho ny fitiavany, dia nomen'Andriamanitra fotoana nety nandosirana ny fandringanana izay rehetra te-hanao izany. Nanome famantarana Izy: Jerosalema voahodidin'ny miaramila (Lioka 21:20).
  - — Gaius Cestius Gallus no nahatanteraka an'io famantarana io, tamin'ny taona 66. Niala ny fahirano, ary nanenjika ny Romana i Eleazara ben Simon, lehiben'ny Zelota, ka nandresy azy ireo.
  - — Izay rehetra nino ny tenin'i Jesosy dia nanararaotra an'io fotoana io handosirana an'i Jerosalema izay tsy nisy niambina.
  - — Volana vitsivitsy tatỳ aoriana, dia nandefa an'i Vespasian i Néron mba hampitsahatra ny fikomiana. Nanomboka tamin'ny taona 67 ka hatramin'ny 70, dia naharitra ny fahirano.
  - — Afaka sady maniry hiaro ny zanany Andriamanitra, na dia amin'ny fotoan-tsarotra indrindra aza (Sal. 46:1; Is. 41:10). Maro anefa no namoy ny ainy noho ny tsy fahatokiany an'Andriamanitra (Heb. 11:35-38).
  - — Nahoana ny sasany no voaro ary ny hafa, toa nafoin'Andriamanitra?

**B Lesona avy amin'ireo Kristiana voalohany:**

- ❖ **Fahatokiana eo anivon'ny fanenjehana.**
  - — Feno fanantenana ny fiandohana: an'arivony ny fiovam-po (Asa 2:41; 4:4); nitory tamin-kery ny mpino (Asa 4:31; 5:42).
  - — Tsy nitsahatra anefa ny fahavalo. Voalohany, fandrahonana (Asa 4:17-18); avy eo, sazy (Asa 5:40); ary farany fahafatesana (Asa 7:59).
  - — Noho ny fanenjehana nataon'i Saoly dia niparitaka ny mpianatra (Asa 8:1). Kanefa, lavitry ny niposahan'ny mazava, noho ny fahatokian'ireo mpino, dia namirapiratra kokoa eran'izao tontolo izao fantatra izy (Asa. 8:4; 11:19-21; Rom. 15:19; Kol. 1:23).
  - — Nanome iraka sy hery hanatanterahana an'izany ho an'ny Fiangonany i Jesosy (Asa 1:8). Tsy misy hery, na ara-batana na ara-panahy, afaka manakana ny fandrosoan'ny filazantsara (Mat. 16:18; Rom. 8:31).
- ❖ **Manampy ny sahirana.**
  - — Inona no vokatry ny filazantsara teo amin'ny Kristiana voalohany (Asa 2:42-47)?
  - — Nanahaka an'i Jesosy izy ireo, satria ambasadaoron'i Kristy. Nahazo sitraka tamin'ny tanàna manontolo izy ireo, noho ny fikarakarany izay ilain'ny manodidina azy.
  - — Toy izany koa, tsy maintsy asehon'ny Fiangonana ny fifankatiavan'ny Kristiana, sy ny fiahiana ny fiaraha-monina misy azy.
- ❖ **Fitiavana: famantarana ny maha-isika antsika.**
  - — Samy manana ny toetra mampiavaka azy ireo antoko ao anatin'ilay fifanandrinana lehibe: mankahala sy manimba i Satana; Andriamanitra tia sy mamerina amin'ny laoniny.
  - — Ny mpomba ny antoko tsirairay dia manao araka ireo ohatra ireo. Raha mpomba an'Andriamanitra isika dia haneho izany amin'ny alalan'ny fitiavana aseho amin'ny hafa (1 Jao. 4:20-21).

- Nampihatra fitiavana tsy misy fitiavan-tena ireo Kristiana tamin’ny taonjato faha-2 sy faha-3. Nandritra ny areti-mandringana roa lehibe (tamin'ny taona 160 sy 265), dia nanolo-tena hikarakara ireo tra-boina izy ireo, na dia naningotra ny ainy aza izany.
- Nanolo-tena noho ny fitiavana izy ireo, ary nahavonjy olona an-tapitrisany. Nefa tsy nanao izay hifantohan'ny saina ho amin'ny tenany, fa ho an'Ilay Mpamonjy azy ireo, dia Jesosy; satria efa vonona hanolotra ny ainy ho Azy izy ireo.